# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Novambra 2018

# 1 Alakamisy novambra

**Dia toy izany koa ny fitsanganan'ny maty : Afafy amin'ny fahalovana izy, atsangana amin'ny tsy fahalovana ; afafy amin'ny fahafaham-bninahitra izy, atsangana amin'ny voninahitra ; afafy amin'ny fahalemena izy, atsangana amin'ny hery.** 1 Korintiana 15. 42-43

**Kristy Jesosy, Mpamonjy antsika ... nahafoana ny herin'ny fahafatesana, ka ny filazantsara no nampisehoany mazava ny fiainana.** 2 Timoty 1. 10

## Ilay vatana „nafafy"

Tsy nisy daty teo amin'ny fasan'ilay mpanoratra nantsoina hoe Paul Claudel, fa izao soratra izao fotsiny : „Ato no mitoetra ny sisam-batana sy ny voa nafafy ho Paul Claudel". Izany dia soratra niainga tamin'ny epistily nosoratan'ny apostoly Paoly ho an'ny Korintiana. Mora takatra fa voatahiry ao anaty fasana ny sisan'ny tenan'ny olona, fa manaitra kokoa kosa ny hoe afaka manantena fiainana ireny sisan'ny tena nafafy ao anaty tany ireny. Nefa dia izany indrindra no ambaran'ny Tenin'Andriamanitra. Toy ny hoe „afafy" ny vatan'ny olona, na nalevina izy rehefa maty, na nariana any anaty rano, na nodorana.

Toy ny voa nafafy amin'ny tany, izay maty mba hitsimoka sy hanome zavamaniry vaovao, dia „hitsimoka" ihany koa ny tenan'ny olona, noho ny herin'Andriamanitra. Izany no atao hoe „fitsanganan'ny maty" (1 Korintiana 15. 42), na hoe fitsanganan'ny tena (fitsanganan'ny vatana) ho velona indray. Hitsangana avokoa ny maty rehetra, saingy amina fotoana roa samy hafa tanteraka :

— ny mpino, izany hoe ireo taranaka rehetra nandray ny ain' Andriamanitra, dia hitsangana rehefa ho avy haka azy Jesosy Kristy. Hampidiriny izy ireo hiaraka aminy any am-paradisa, izay antsoiny koa hoe „tranon'ny Raiko" (Jaona 14. 2 ; 1 Tesaloniana 4. 15-17).

— amin'ny andro farany dia hitsangana mba hiseho eo anatrehan'Ilay Mpitsara, dia Jesosy tenany mihitsy (Apokalypsy 20. 11), ny vatan'ireo rehetra nandà ny fanambarana samihafa nampahafantatra ny fahamoram-panahin'Andriamanitra.

Ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty dia zavatra tsy azo ihodivirana, ho an'ny olona rehetra. Aleo mandray ny Tompo Jesosy ho Mpamonjy, anio, toy izay hifanehatra aminy, any am-parany, amin'ny maha Mpitsara Azy. Manatòna Azy, amin'izao toetranao izao. Raiso, izao ankehitriny izao, ny famotsoran-keloka atolony sy ny toerana omeny anao ao an-tranon'ny Ray. Mety ho tara loatra mantsy rahampitso.